
# Naverina tamin'ny laoniny tao amin'ny Tempolin'i Kirtland ny fanalahidin'ny fisoronana

## Sahanasa fandalinana A

**FOTOPAMPIANARANA SY FANEKEMPIHAVANANA 110:11**

Namerina tamin'ny laoniny ny fanalahidin'ny "fanangonana an'i Isiraely" i Mosesy (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:11). Ny fanalahidin'ny fanangonana dia manome lalana ireo mpanompo izay mihazona izany fahefana izany hitory ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny amin'ireo firenena eto an-tany.

Nanambara ny Filoha Russell M. Nelson hoe:



Rehefa miresaka momba ny fanangonana an'i Isiraely amin'ny lafiny roa amin'ny voaly isika dia mazava ho azy fa miresaka momba ny asa fitoriana ny filazantsara sy ny asa atao any amin'ny tempoly ary ny asan'ny tantaram-pianakaviana. Miresaka momba ny fanorenana finoana sy fijoroana ho vavolombelona ao am-pon'ireo izay miara-miaina sy miasa ary manompo amintsika ihany koa isika. (Russell M. Nelson, "Aoka Andriamanitra no hanjaka," *Liahona*, nôv. 2020, 92)


- Ahoana no ahafahanao manampy amin'ny fanorenana finoana sy fijoroana ho vavolombelona ao am-pon'ireo izay ifaneraseranao isan'andro?
- Ahoana no fomba nikasihan'ny Tompo ny fiainanao na ny fiainan'ny olona iray fantatrao tamin'ny alalan'ny asa fitoriana ny filazantsara?

## Sahanasa fandalinana B

**FOTOPAMPIANARANA SY FANEKEMPIHAVANANA 110:12**

Nampita ny fotoampitantanan'ny filazantsaran'i Abrahama i Elià (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:12). Anisan'izany ny famerenana amin'ny laoniny ny fanekempihavanan'i Abrahama.

Nanazava toy izao ny Filoha Russell M. Nelson:



Ny fanekempihavanana nataon' Andriamanitra tamin'i Abrahama . . . dia nahitana fampanantenana maromaro, [ka] anisan'izany . . . ny firenena rehetra ambonin'ny tany dia hotahiana amin'ny alalan'ny taranany. . . .

. . . Nahazo ny fisoronana masina, sy ny filazantsara maharitra mandrakizay isika, tahaka ireo tany aloha tany. Manana ny zo isika handray ny fahafenoan'ny filazantsara, sy hahazo ireo fitahiana avy amin'ny fisoronana, ary ho mendrika ny fitahiana lehibe indrindra avy amin' Andriamanitra—dia ny fiainana mandrakizay. (Russell M. Nelson, "Fanekempihavanana," *Liahona,* nôv. 2011, 87–88)

- Inona avy ireo fomba sasany itahian'ny Tompo ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana ary ny firenena amin'ny alalan'ny filazantsarany sy ny fisoronany?
- Inona avy ireo fitahiana avy amin'ny Tompo izay iainanao amin'ny alalan'ny filazantsarany sy ny fisoronany?